Ny andro tsara indrindra niposahan'ny masoandro dia ny andro zoma

Tatitra avy tamin'i Abou Horaira (R.A), Niteny ny Mpaminany (S.A.W) manao hoe : "Ny andro tsara indrindra niposahan'ny masoandro dia ny andro zoma, izay nanamboarana an'i Adama, ary nampidirana azy tao amin'ny Paradisa, ary namoahana azy tao, ary tsy ho tonga ny andro farany raha tsy amin'ny andro zoma".

[Mari-pototra] [Notantaraiin'i Moslim]

Manambara ny Mpaminany (S.A.W) fa ny andro tsara indrindra niposahan'ny masoandro dia ny andro zoma, ary ny mampiavaka azy : Dia tamin'io no nanamboaran'I Allah an'i Adama (A.S), sy nampidirana azy tao amin'ny Paradisa, ary namoahana azy tao sy nampidinana azy tety an-tany, ary tsy ho tonga ny andro farany raha tsy amin'ny andro zoma.

http://www.sunnah.global/hadeeth/mg/show/3711